# 365Tantara

## 30. Labiera niova ho fanaka!



# 30. Labiera niova ho fanaka!

Mpitrandraka harena ambanin'ny tany iray nibebaka tamin'ny fotoana fifohazam-panahy tamin'ny 1904 tao Pays de Galles.

Nifankahita t@ iray  tamin'ireo namany mpiara-misotro taminy, izay niara nandany ny volany tany amin'ny bara fahiny izy indray andro.



dia hoy ilay namany : " Marina ve fa lasa mpivavaka ianao ? Niditra any amin'ny fikambanan'ny relijiozy?"

- Tsia, tsia, nibebaka fotsiny aho. Nateraka indray aho ! Nihaona tamin'i Jesosy-Kristy aho !

- Dia inoanao avokoa izany izay rehetra voalaza ao anaty Baiboly ?

- Eny ary tena inoako amin'ny foko rehetra !



- Dia inoanao izany ny zava-mahagaga voatantara ao ? Izaho kosa aloha na inona ataonao tsy hino ny nanovàn'i Jesosy ny rano ho lasa divay tamin'ny fampakaram-bady tao Kanana ka !
- Tena marina izany kâ ! Ndao ary ho any amiko, fa hampisehoako zavatra ianao.

Rehefa tonga izy ireo, dia gaga ilay tsy mino :

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



- Tena niova be ny ato aminao raha oharina amin' ny taloha ! Anao daholo ve ireto fanaka ireto ? Babangoana teto taloha an ... - Henoy ange ! Tsy mety mino ianao fa nanova ny rano ho lasa divay i Jesosy tany Kanana. Nefa hitanao izao : ato amiko, novàny ny labiera ho lasa fanaka ! Nihaona taminy Jesosy ve ianao ? Nanova ny fiainanao ve izy ?Izany no zavatra tsara indrindra mety ho tonga aminao !

Jesosy tonga teto an-tany, mba ho faty teo @ hazo fijaliana, nisolon-tena antsika, mba hanafaka antsika amin'ny filàn-tsika, amin'ny otan-tsika, hahazoantsika mahafantatra ny tena atao hoe fahafahana ao Aminy.

Tia sady miandry anao Izy ka ekeo eo amin'ny fiainanao ! Fa hanova ny zavatra rehetra Izy !

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa